

# **PE. DE FOUCAUD**

(1858 Strasburgo \_ 1916 Algérie)

Charles De Foucauld izay niaina ny fiainam-panahy tao anatin'ny fiainana milamina sy tsara be ka hatramin'ny haditrana izay tonga amin'ny fiainan'ny mpitoka monina sy misionera izay nanoritra ny lalan'ny faminaniana ho an'ny androntsika.Izy no voalohany nanome lanja ny fiainana miafin' i Jesoa tao Nazareta, mianatra an'i Jesoa ho fanarahana ny fiaianana miafina isan'andro, hitadiavana ny tena toerana farany. Ny endrika toy izany matetika dia manaitra ny lahika, eo am-piainana ny maha-lahika dia tokony ampitahaina mandrakariva amin'ny fanamby amin'ny fitoriana ny Evanjely eo amin'ny andavanandro. Ankoatra izany dia fanairana mafy mba hamantatra ny Evanjely amin'ny fomba lalina, noho izany dia ny fiainana tsotra misokatra amin'ny fifandraisana amin' ny hafa, indrindra ny mahantara.

Maro ny Fikambanana sy ny « association » miaina ny sori-dalam-piainan'ny Père De Foucauld.Na dia tsy nanorina Fikambanana iray aza izy dia nivavaka ho an'izany nandritra ny fiainany. Nanoratra fitsipika ho an'ny frera mpitoka-monina sy misionera ary izahay na dia tsy niainga tamin'ny fitsipiny aza , dia manana fifandraisana be aminy tamin'ny fotoana namakianay ny sorany sy ny tantarany.

Tsaroanay eto ny sasantsasany amin'ireo hafatra mitory faminaniana hitanay tamin'ny fiainany ary tena tsapanay fa « anay ».

## **MPITOKA-MONINA SY MISIONERA**

Taon-jato maro tao amin'ny Fiagonana dia zavatra roa tsy azo nampiarahina ireo fiantsoana ireo. Na mpitoka-monina na misionera . Teo amin'i Charles De Foucauld kosa dia nifameno tsara izy roa ireo.Ho azy ny Eokaristia dia ny rehetra, ny fahafahana mianoka ao amin'ny fitiavan'i Jesoa, tsy mijery ny havizanana na manisa fotoana dia nahasarika azy mafy ; kanefa ny fony koa dia feno fangorahana ny olona tsirairay, ny trano fivavahany dia nisokatra ho an'ny rehetra.Frère De Foucauld dia tsy nijanona tamin'ny fandraisana ny olona mba hizara izay kely nananany(sakafo, fanafody....)laharam-pahamehana ho azy dia ny fitoriana ny Evanjely amin'ny fiainana.Hitory an'i Jesoa amin'ny alalan'ny hatsaram-panahy, amin'ny fifankatiavana ; izany hoe manana fo misokatra amin'ny rehetra amin-piralahiana.

## **FOMBA FIBANJINANA VAOVAO**

Ho an'ny Père De Foucauld ny fibanjinana dia fivelomana tsy tapaka amin'ny loharanon'ny Evanjely mba banana ny fomba fijerin'i Jesoa amin'ny zavatra rehetra : momba an'Andriamanitra, ny olona, ny zava-misy. Ny fotoana lava itsaohana ny Eokaristia sy ny filomanosana (fidirana ao amin'ny Evanjely no nahatonga an'ny Père De Foucauld ho tena mpitoka-monina, mpibanjina ao anatin'ny asa (misiona).

## **FOMBA FITORIANA VAOVAO**

Dia ny fomba niainan'i Jesoa : naka nofo, nanaja ny mpiara-monina, nifampizara, niezaka nitovy tamin'ny olona, tamin'ny fahantrana,t amin'ny fiteny,t amin'ny toe-tsaina, nahatsapa ny fision'ny Evanjely sahady eo amin'izy ireo.

Hoy ny dokotera iray nanontany an'ny Mompera De Foucauld : « Inona no toro-hevitra omenao ahy amin"ny fiarahana amin'ny Tuareg ? » Izao no namaliany azy : « Mila fahatsorana, mandray tsara , mitia sy mampitia azy ireo. Mitsiky na dia amin'ny filazana zava-tsotra aza.Izaho,araka ny hitanareo,dia mitsiky foana. Ny tsiky dia mampanatona ny olona, mamela azy ireo hifankalala sy mifankahazo kokoa, ny tsiky dia tena fitiava-namana. »